



FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Fitsidihan'ny filoham-pirenena Andry Rajoelina ao Nosy Maorisy, ny 10 hatramin'ny 13 martsa 2019

Nasain'ny filoha maorisanina manokana ny filoha Andry Rajoelina hankalaza ny faha 51 taonan'ny fahaleovantenan'ity nosy rahavavy ity. Miraka amin'ny filoham-pirenena mandritra ity fitsidihana ofisialy ity ny vadiny Mialy Rajoelina, ny Sekretera Jeneraly eo anivon'ny fiadidiana ny repoblika, Valéry Ramonjavelo, ny Talen'ny Kabinetra eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika Stéphanie Delmotte, ny Minisitry ny Raharaham-bahiny Naina Andriantsitohaina, ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena ny Général de Division Rakotonirina Richard, ny Minisitry ny Fampianarana ambony sy ny fikarohana siantifika Félicité Rejo-Fienena, ny Minisitry ny Fitaterana sy Fizahantany ary ny Famantarana ny toetr'andro Joël Randriamandranto, ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina Lalatiana Rakotondrazafy Andriatongarivo ary ny Minisitry ny Indostria, ny Varotra sy ny Asa Tanana Rakotomalala Lantoso.

Tonga nitsena ny filoham-pirenena mivady teny amin'ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Sir Seewoosagur Ramgoolam ny Praiminisitra maorisanina mivady, ny filohan'ny filankevitry ny District du Grand Port, ny praiminisitra lefitra sady ministry ny Angovo sy ny raharaham-bahoaka, ny filohan'ny Antenimieram-pirenena, ny minisitry ny raharaham-bahiny sy ny varotra iraisam-pirenena, ny sekretera eo anivon'ny filankevitry ny minisitry sady sefon'ny asam-panjakana, ny lehibe amin'ny masoivoho miasa ao Maorisy, ny Masoivohon'i Maorisy eto Madagasikara sy ny Mpiandraiki-draharaha malagasy ao Maorisy.

Vahiny manan-kaja : 21 bala tafondro sy sainam-pirenena malagasy any Maorisy

Amin'ny maha vahiny manan-kaja azy dia heni-boninahitra ny filoha malagasy tamin'ny fandraisana azy tany an-toerana. Taorian'ny hiram-pirenena roa tonta dia nizaha ny tafika miaramila teny amin'ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Sir Seewoosagur Ramgoolam ny filoham-pirenena malagasy sy ny Praiminisitra maorisanina. Narefotra in-21 ihany koa ny tafondro teny an-toerana ary nalefa mivantana tamin'ny fahitalavitra nasionaly ny fahatongavan'ny filoham-pirenena mivady. Izany dia manaporofy ny maha zava-dehibe ho an'ity nosy rahavavy ity, ny fahatongavan'ny filoha Andry Rajoelina any an-toerana. Telo andro alohan'ny fankalazana ny nahazoany Fahaleovantena, dia miranty eny amin'ny arabe rehetra sy ny lalam-ben'ny tanàna maorisanina ny sainam-pirenena Malagasy.

Fitsidihana ara-pombam-panajana, fambolena « Bois dentelle » ary Baobab tao amin'ny tranom-panjakana :

Vao tonga ny delegasiona malagasy izay notarihin'ny filoham-pirenena mivady dia nihaona tamin'ny Filoha mpisolo toerana maorosianina SEM Paramasivum Pillay Vyapoory. Nandritra io fitsidihana io dia nanao sonia ny boky volamena ny filoha Andry Rajoelina, avy eo dia namboly «Bois Dentelle» (Elaeocarpus bojeri) sy Baobab avy eto Madagasikara tao amin'ny zaridainan'ny Château du Réduit.

Lafiny maro eo amin'ny fiaraha-miasa eo amin'ny firenena roa tonta no noresahana nandritra izany, indrindra ny ady amin'ny fanondranana zava-mahadomelina an-tsokosoko izay miha-mitombo hatrany noho ny fisian'ny tambazotra miasa eo amin'ireo nosy roa ireo sy Afrika Atsimo, ny ady amin'ny kolikoly sy ny fanadiovana vola, ny fifanampiana amin'ny lafiny fitsaràna eo amin'i Maorisy sy Madagasikara, ary ny fiaraha-miombon'antoka amin'ny faritra Oseana Indiana.

« Ny fandresena maorisanina ho an'ny vondro-nosy Chagos dia ohatra ho antsika ho an'ireo îles éparses »

Nisaotra ny filoha malagasy ny filoha mpisolo toerana maorisanina noho ny fanohanana'i Madagasikara tamin'ny ady hamerenana ireo vondro-nosy Chagos, izay tany anglisy teo amin'ny oseana indianina ka naverina ho an'ny nosy Maorisy teo anivon'ny Fitsarana iraisam-pirenena tany La Haye. « Ny fandresenareo tamin'ny ady nataonareo hamerenana ireo vondro-nosy ireo dia ohatra ho anay Malagasy, indrindra amin'ny fitakianay ireo Iles Eparses » hoy ny filoham-pirenena malagasy. « Maorisy dia modely amin'ny fampandrosoana ka mahatonga an'i Madagasikara hanamafy ny fiaraha-miasa aminy » hoy hatrany izy.

Niarahaba ny filoha Andry Rajoelina ny filoha mpisolo toerana maorisanina amin'ny vina IEM izay napetrany, ary nanamafy hatrany ny fanohanany an'i Madagasikara. Horesahan'ny filoha Rajoelina sy ireo tompon'andraiki-panjakana maorisanina ny antsipirian'ireo fiaraha-miasa eo amin'ny firenena roa tonta ary hisy fanaovan-tsoniam-piaraha-miasa ho atao ihany koa eo amin'ny firenena roa tonta mandritra ity fitsidihana ity.

Nanambara ihany koa ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina fa hisy orinasa malagasy miisa enimpolo eo hiazao an'i Maorisy, hanao fivoriana arak'asa miaraka amin'ireo mpandraharaha ao Maorisy ao anatin'ny lohahevitra «*Transcending to a New Era of Economic Collaboration*», izay karakarain'ny « l'Economic Development Board of Mauritius » ny 13 martsa ho avy izao. Manamafy ny finiavan'ny firenena roa tonta hiara-hiasa hatrany izany.

Mbola mitohy ny fandaharam-potoan'ny filoham-pirenena mivady, ao anatin'izany ny fihaonana amin'ny praiminisitra Pravind KumarJugnaut, sy ny fitsidihana ny Omnicane Factory Area any amin'ny Baraque, L'Escalier.

Maorisy, 10 martsa 2019

Fiadidiana ny serasera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika